

# Noho ny finiavana manokan'ireo lehibem-pikambanana eto Madagasikara dia tonga teto i Mompera Jean Claude LAVIGNE ny 6 hatramin'ny 8 novambra 2019 ho an'ny fiofanana maharitr'ireo olom-boatokana lahy sy vavy manerana ny nosy

## Lohahevitra : « Ny fanokanan-tena : tombony ho an'izao fotoana iainantsika izao ? »



***'làlana iray ahazoana fiainana mi-avosa ' Joany 10***

Miainga tsy mitondra afa tsy ny tenanao sy ny finoana, izay ny fiainan-drelijiozy amin'ny fotoana rehetra ary na firy taona na firy taona. Mandao ireo fialofana mba ho vonona hanompo an'Andriamanitra sy ny hafa. Ny fiainan-drelijiozy manontolola dia mirona amin'ny fihaonana.

Ny fitsipi-piainan'ny relijiozy dia manoro **làlana iray ho an'ny fihaonan'Andriamanitra amin'ny hafa**, làlana nandraman'ireo mpanorina neken'ny Fiangonana toy ny loharanom-piainana .

**Manalavitra ireo fahazarana sasantsasany hamaivanin'ny fiaraha-monina io làlana io** aiza ' no hahombiazana amin'ny fiainana ?' mandalo mazava loatra amin'ny tombon-tsoa sy ny fanangoanana. Làlana izay misafidy ny maimaim-poana sy ny fatiantoka : amin'ny fanompoana, fiainana miaraka sy feno firahalahiana, fampitambarana ny fananana, fotoana, hevitra… ny fahanginana sy ny fivavahana. Làlana iray hihaonana amin'izay mijaly sy ambaniana, mba hihavana aminy sy hiatrika miaraka ny herin'ny fahafatesana. Manao ny andram-piainan'Andriamanitra miseho amin'ny fiainana.

**'aoka isika ho sahy hanorina firahalahiana'** hoy P. Lavigne tamin'ireo tanora relijiozy vita voady ara-pepotoana, *''mioitra ny fialonana sy ny fampitahan, aoka ho ekentsika ny maha-antsika antsika, ny fetra, ny hatsarana, fiainana an-kafaliana ary miaina ny fianam-boatokana toy ny sekoly ianarana ny fisokafana .''*



Noho ny voady nantaontsika, **''Aoka isika ho vonona amin'ny fidiran'Andriamanitra amin'ny fiainantsika''**, araka ny nolazainy tamin'ireo mpiandraikitra ny kôminôte sy fiofanana. *''Fomba enti-manompo ny fiaianana ny voady, hanampy antsika hitombo amin'ny fahafahana sy tompon'andraikitra.*

Nandinika ihany koa niaraka tamin'ireo mpitam-bola amin'ny maha asa sarotra hanompoana ny asam-panirahana sy ny rahahalahy/ rahavavy : **mitantana ny ankehitriny, mitsinjo ny ho avy ary mitandro mandrakariva ny 'fitsinjovana manokana ireo mahantra' sy miaro ny zavaboaary. Misokatra amin'ny Fanahy Masina, izay eo mandrakariva mba hanilo ny làlana.**